FANDALOVAN'NY FRANCISCO

# Tafiditra am-piangonana ny rano tany Mahanoro



*Tondra-drano, noho ny andro ratsy Francisco.*

Namely tany amin'ny faritra Atsinanan'ny Nosy iny ny andro ratsy sy ny rivo-doza Francisco ny faran'ny herinandro teo. Ny sabotsy teo no tafiditra an-tanety tany Mahanoro faritra Atsinanana i Francisco. Vokatr'izany, maro ireo tanàna dibo-drano vokatry ny orana nentiny, toy ny CEG Ratsimilaho tany Toamasina, tafiditry ny rano. Miakatra koa ny rano any amin'iny faritra MAVAM iny, izay misy an'i Mahanoro, Vatomandry, Antanambao Manampontsy ary Marolambo. Tany Mahanoro, tafiditra hatrany am-piangonana ny rano, tsy afaka niatrika fotoam-pivavahana noho izany ireo mpino sasany tany an-toerana ny alahady teo. Namakivaky ny afovoantany ity andro ratsy ity ary nivoaka andranomasina tany Menabe ny rahona niaraka taminy ny alahady sy omaly alatsinainy.

**Stefa**

Baolina kitra, faritra Atsinanana

# Voahosotra ho tompon-daka ny AS Fortior Toamasina

Tontosa ny faran'ny herinandro teo ny fiadiana ny ho tompon-dakan'ny faritra Atsinanana, eo amin'ny baolina kitra divizióna voalohany. Voahosotra ho tompondaka tamin'izany ny AS Fortior Toamasina. Lavon'ny AS Fortior Toamasina tamin'ny isa 2 noho 1 ny AS-COMI Mahanoro, nandritra ny lalao famaranana ny fiadiana ny tompondakan'ny ligy Atsinanana, divizionina Voalohany amin'ny baolina kitra taona 2019-2020 ity. Arak'izany, ny AS Fortior no hisolotena ny faritra Atsinanana amin'ny fifaninanam-pirenena amin'ity taompilalaovana ity.

**Lita**




*Ny AS Fortior Toamasina.*

Tranga

# Zandary nitifitra nahafaty ny raibeny dia nitifi-tena avy eo

Tranga mampalahelo sy mampivarahontsana indray no nitranga, tany amin'ny distrikan'Ambatofinandrahana, faritra Amoron'i Mania ny faran'ny herinandro teo. Faty 2 no indray niampatrampatra tamin'izany ary nandriaka ny rà. Zandary kilasy faharoa miasa any Mandrosonoro no nitifitra nahafaty ny raibeny tamin'ny basy fiasàny, avy eo nitifitena izy. Ny alin'ny 16 febroary hifoha 17 febroary teo no nitrangan'izany zava-doza izany tany Ambalavao. Tamin'ny fandalovany tao Ambalavao namitaka iraka tany Ambositra no nisehoan'ny loza. Tsy mbola fantatra ny antony namonoany ny raibeny, fa efa eo ampanaovana fanadihadiana ny komandin'ny vondrontobim-paritry ny Zandarimaria Ambatofinandrahana. Naverina avy hatrany any amin'ny tobimbasy ilay basy nampiasainy rehefa vita ny fanadihadiana.



*Ilay basy nitifiran'ilay zandary ny raibeny ary namonoany tena avy eo.*

**Ny Valosoa**

Daddy Kambana Metal

# 10 taona nihira ho an'i Jehovah

10 taona nihira ho an'i Jehovah, na nihira ara-pilazantsara i Daddy. Rakotoarivony Jean no anarany feno, Daddy kosa no anarana maha mpanakanto ahafantaran'ny maro azy. Mpikambana mpanorina ny tarika Kambana Metal, mpiangaly rock, i Daddy sy ny kambana aminy Riri. Nandeha irery ary nisafidy ny hivoy ny mozika ara-pilazantsara i Daddy nanomboka ny taona 2010 ka hatramin'izao, hira ara-pilazantsara laroina gadona mavesatra no anisan'ny iangaliany amin'izany. Hizara ny sanganasany etsy amin'ny Koots Food etsy Mahamasina izy ny sabotsy 22 febroary ho avy izao hanamarihany io faha-10 taona nivoizany ny hira fiderana io, miaraka amina vahiny tsy ampoizina. Hetsika izay nampitondrainy ny lohateny hoe : « Hihira ho an'i Jehovah aho », io fampisehoana hataony io.

**Aly**




*Daddy, mpihira Rock, sady mpihira ara-pilazantsara ihany koa.*

Tsiroanomandidy

# Manentana amin'ny fisorohana ny aretina coronavirus koa



*Ny fivoriana fampahafantarana momba ny valanaretina coronavirus tany Tsiroanomandidy.*

Manentana amin'ny fisorohana ny aretina coronavirus koa ny any Tsiroanomandidy faritra Bongolava amin'izao fotoana. Nandritra ny jery todika isaky ny 3 volana, na revue trimestrielle nataon' ny ekipan'ny fahasalamana any an-drenivohitry ny faritra Bongolava, no nampitana tamin'ireo tompon'andraikitra ara-pahasalamana ifotony (CSB), ny tsara ho fantatra momba ny aretina coronavirus. Nampitaina tamin'izany ny fisehony, ny fomba fifindrany, ny fiarovana ary ny tokony hatao raha sanatria misy tranga mampiahiahy. Namafisina indrindra tamin'izany ihany koa ny fanentanana, ny fanaraha-maso, ny fiaraha-miasa amin'ireo sehatra rehetra. Raha ny mahakasika ity valanaretina coronavirus ity any Chine, efa mihoatra ny 1770 amin'izao fotoana no maty, an'aliny maromaro no mitondra ny otrikaretina ary tao anatin'ny andro vitsy izao, niha-betsaka no tratran'ity valanaretina ity tany an-toerana.

**Stefa**

Analakely sy ny manodidina

# Mahazo vahana ny ankizy tsy ampy taona mangarom-paosy

Harom-paosy eny Analakely sy ny manodidina, mahazo ny ankizy manao izany asa ratsy izany ankehitriny. Mpangarom-paosy miisa 10 no tratran'ny polisim-pirenena ka ny 6 tamin'ireo dia ankizy avokoa. Polisy manao fanamiana sivily maro avy ao amin'ny boriboritany voalohany no indray nirotsaka an-tsehatra teny an-tsena hisambotra ireo mpanao harom-paosy. Miisa 06 no mpanao harom-paosy indray tratra tao amin'ny « Pochard », ny 03 kosa tetsy amin'ny esplanade Analakely. Mbola teo am-panaovana ny asa ratsiny avokoa izy



ireo no tra-tehaky ny Polisy izay marihina, fa ny 06 amin'izy ireo dia zaza tsy ampy taona avokoa. Nosamborina ihany koa ilay olona 01 nolazain' ireto mpanao harompaosy ireto, fa mpividy entana halatra avy amin' izy ireo. Mitohy ny fomba fiasa vaovao ataon'ny Polisim-pirenena, ankoatra ireo mpitandro filaminana miditra an' elakelan-trano dia efa misy ihany koa ny Polisy miditra any anaty tsena mijery ireo mpanendaka sy mpanao harompaosy.

**Niaina**